Volana jona 3

**Firenena faraidiny hiatrika ny fetim-pireneny**

Antoko RDS 3

**Nahatanteraka fihaonambem-paritra tany Boeny**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 2 jona 2022 Laharana 1304 Vidiny : 500 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Al Jaber hanao ny Tanamasoandro 3

**Mipoitra ho azy eny foana ny laingan-dRajoelina**

Tsy fanajana lalàm-panorenana sy demôkrasia... 2

## Manao ranolava ny fanohanana ny fanambaran-dRavalo



Fanafodin'ny corona: Ed1 2

## Vaky ny ady eo amin'i Dr Edmond sy Ny Rado



Barea sy Angola ny alahady izao 8

## 5000 Ar ka hatramin'ny 50.000 Ar ny fidirana etsy Mahamasina



Moramanga-Ambila 7

## Hiverina hitatitra olona hanomboka anio ny fiaran-dalamby



Tsy fandriampahalemana 6

**Jiolahy niomana hanafika, lavon' ny mpitandro filaminana ny iray**

Tsy fandriampahalemana 6

**Raimpianakaviana hita faty niaraka tamin'ny bisikiletany**

**Daka kely**

Herintaona tsy hahavitan' ialahy isany Tanamasoandro fa aza manonofy ry Boaikely a !

TSY FANAJANA LALÀM-PANORENANA SY DEMÔKRASIA…

# Manao ranolava ny fanohanana ny fanambaran-dRavalo

Manoloana ny fanambarana nataon'ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny rodoben'ny mpanohitra eto Madagasikara (RMDM), sady filoha nasiônalin'ny antoko TIM, ny alatsinainy lasa teo, sy manoloana ny tsy fanajana ny demôkrasia sy ny lalàm-panorenana miverimberina ataon'ny fitondrana Rajoelina, nanao fanambarana ny "Collectif des Citoyens Malagasy Maneran-tany". Nanambara izy ireo fa handray ny andraikiny na eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, na ny aty an-tanindrazana ihany koa. Maromaro ireo fikambanana nanao izany fanambarana fanohanana ny fanambaran'ny filoha Ravalomanana izany, toy ny : K25 Benelux (Belgique- Netherlands-Luxembourg), ny GTT La Reunion, Pro-Ravalomanana, ny K2, VVSD (Vehivavy Vonona Sahy Diaspora, … Toy izao ny santionan'izany fanambarana izany : "Izahay vondrona, manohana ny Filoha Ravalomanana Marc ho Filohampirenena miray amin'ny fiombonambe "Collectif des Citoyens Malagasy Maneran-tany" dia manao izao fanambarana izao, tao aorian'ny nahafantaranay ny tsy fanajana ny demôkrasia sy ny fanitsahana efa ho lavareny ny lalàm-panorenana.

Manohana tanteraka ny fanambarana nataon'ny lehiben'ny mpanohitra ny 30 mey 2022 lasa teo.

Manohana sy manainga mavesatra ireo Malagasy rehetra na any an-tanindrazana na aty am-pita hifanome tanana sy hery, hiarovana ny tany tan-dalàna.

Miantso ary hiantso sy handray andraikitra avy hatrany eo amin' ny tandrify misy anay eo anivon'ny sehatra




*Ny sary famantarana ny Collectif des Citoyens Malagasy Maneran-tany.*

iraisam-pirenena, hanamafy ireo tsy fanarahana lalàna sy jadona mihàtra ao Madagasikara.

Miantso ihany koa ireo manana traik'efa rehetra na amin'ny sehatry ny toekarena, sosialy, ara-piarovana... hifanome tanana hiaro ny firenena sy ny ho avin'ny taranaka."

**Nangonin'Isambilo**

Fanafodin'ny corona: Ed1

# Vaky ny ady eo amin'i Dr Edmond sy Ny Rado

Vaky ny ady amin'izao fotoana eo amin'ny mpandraharaha sady mpanao politika Ny Rado Rafalimanana, sy ny dokotera mpamokatra fanafody Rakotomalala Edmond na Ra-Edmond. Mifamaly amin' ny alalan'ny tambazotran-tesrasera facebook izy ireo amin'izao fotoana. Milaza ny dokotera Ra-Edmond, fa mpisandoka ity mpanao politika ity, fa tsy nanampy azy tamin'ny famokarana fanafody izany Ny Rado, ny mpitondra sy ny mpitandro filaminana ihany no nolazainy fa namany. Andaniny kosa Ny Rado Rafalimanana dia nanambara fa gaga tamin'ny fanambaran'ity dokotera ity. Nanambara ny dokotera Rakotomalala Edmond fa:" manoloana ny fanehoana iray niparitaka tao amin'ny tambazotran-tsosialy Facebook izay mamafy laingа sy fitaka ary fisolokiana dia nametraka hafatra maika sy manokana hoan'ny Zandarimaria sy ny vahoaka Malagasy rehetra aho : dokotera RAKOTOMALALA Edmond, izay nikaroka sy namorona ny fanafody Ed1. Ho anareo namana rehetra eto amin' ny Firenena indrindra fa isika ato amin'ny fitondrana ary ianareo mpitandro filaminana isan-tsokajiny, izaho tsy manana namana n'iza n'iza afa-tsy ny fitondrana ankehitriny sy ny mpitandro ny filaminana. Ka gaga aho mahita publication any amin'ny Facebook, fa misy mpanao politika iray miseho fa namako sy mamatsy fitaovam-pamokarana fanafody aty amiko. Tsy marina izany tompoko ary laviko marindrano. Manentana ny rehetra, ny zandarimariam-pirenena, mba hitan-



*Dr Rakotomalala Edmond, sy Ny Rado Rafalimanana.*

drina fa tsy kely lalana ny ratsy ka sao voafitaka isika; indrindra fa ny fahasalamam-bahoaka dia tsy azo atao kilalao," hoy izy. Ankilazan'izany, namaly Ny Rado Rafalimanana fa:" Sadaikatra ihany ny tenako raha nahita ilay fanehoan-kevitra miparitaka amin'ny Tamban-jotra serasera! Saika tsy haneho hevitra ny tena, kanefa tsara ihany angambany hitondrana FANAZAVANA ho fanitsiana. Ny Tanjoko sy ny Orinasako hatramin' izay ka hatramin'izao dia ny hanampy sy hitondra ny mety hanatsarana ny Vokatra VITA MALAGASY. Izay ilay Block Chain Madagascar. Tsy misy idiran`ny Politika velively izay, fa fanohanana samy fandraharahana feno. Eny, anisan`ny vokatra iray izay nahavonjy ny Malagasy ny ED1, ary ny anjara biriky tandrify nentiko sy mbola ho hentiko sy ny orinasako dia ny haha-lavorary izany. Aza adinontsika, fa nanao lahateny ofisialy momba an`io ED1 ny Filohampirenena ny taona 2021 ary niteny mazava ny hijerena ny Andrana Essai Clinique, mba ho sitrahan'ny Malagasy. Setrin'izay, maro ireo tonga nanohana amin'ny hanatsarana ny Ed1; ary anisan'izany ny tenako sy ny vondron' orinasako. Fehiny, ny tanjontsika hatrany dia ny hifanampiana samy Malagasy, sy indrindra hanandratra avo ny vokatra Malagasy, ho reharehantsika Malagasy manerana an'izao tontolo izao. Fehiny, tokony halavirintsika ny fifankahalana samy Malagasy, satria tsy afaka handroso mihitsy isika raha toa ka hifamotika eto lava, ary TSARA LAVITRA foana ny mifanohana, mba ho samy mandroso isika Malagasy Maka lesona ny omaly, hanatsarana ny anio, hampandrosoana ny ampitso," hoy izy. Arak'izany, mafanafana ny raharaha eo amin'ny andaniny sy ny ankilany, ho hitantsika eto ihany ny ho tohiny.

**Niaina**

Ny Valosoa sy fakafaka

## Noho ny tsy fahaizan'ny fitondrana Rajoelina : toa tsy misy ho avy mamiratra ho an'ny zaza sy ny tanora Malagasy

Miaina ao anaty fahasahiranana tanteraka ny vahoaka Malagasy ankehitriny . Tsy hita intsony izay atao ka lasa manaotao foana ny olona sasany, satria efa tapi-dalan-kaleha toy ny sokina nananibato. Ao ireo manambola no lasa mampiasa vola amin'ny zavatra hanodinany vola maika, toy ny loka isankarazany ary ireo bizina izay manjaka amin'izao itondràn'ny TGV izao . Ny tovovavy Malagasy lasa manao zavatra mamoafady, indrindra amin'ny fampiasana ny tambazotran-tserasera, mba hahazoana vola haingana ; ka ao ny manao ireny sary mamoafady ireny mba hahazoany vola kely . Mitombo hatrany ny varotra amorondalana itadiavana vola, na efa mifanisa aza ny mpivarotra sy ny mpividy eny an-tsena , ka na enjehin'ny mpitantana ny tanàna aza dia miforitra eo ihany, satria mamelona vady amanan-janaka , manofa trano sns… Misy ireo tanora mpandraharaha no mba miezaka ihany mamorona orinasa madinika sy salantsalany , nefa tsy afa-manoatra fa be lotra ny hetra aloha amin'ny fanjakàna , hany ka kivy izy ireny . Misy moa ny mamoifo ka any amin'ny zavamahadomelina: ny toaka sy rongony no fantany fa anamaivanana ny fahasahiranany . Raha ny zavatra hita aloha hatreto dia toa tsy misy ny ho avy mamiratra ho an'ny zaza Malagasy ary ireo tanora, satria tsy misy mihintsy ny zavatra mba matotra ataon'ny fanjakàna fa dia ny mi- werawera araka ny fitenin'ny tanora azy ihany no atao . Izao ny resaka Tanamasoandro omena ny Arabo no mahamaika, nefa herintaona sisa dia efa tsy ho eo amin'ny fitondràna intsony ny mpitondra ankehitriny . Ampy kosa angamba izay ny fitondràna ny firenena any anaty lavaka ankehitriny, ka mila mijoro ny vahoaka Malagasy tsy ankanavaka araka ny antso nataon'ny filohan'ny mpanohitra Marc Ravalomanana ny alatsinainy lasa teo.

**Helisoa**

Tetika fiarovana ny zon'olombelona

# Tanterahana mandritra ny hateloana ny atrikasa iarahana amin'ny Firenena Mikambana

Tetika fiarovana ny zon' olombelona, tanterahana eto an-drenivohitra amin' izao fotoana, ny atrikasa mandritra ny hateloana iarahana amin'ny Firene-na Mikambana. Maromaro ny trangana tsy fanajana ny zon'olombelona eto amintsika ataon'izao fitondrandRajoelina izao, indrindra ny tsy fanajana ny zon'ny olona tsy mitovy firehana politika amin'izy ireo. Toy izany ny fanagadrana mpanao gazety, sy mpanao politika tsy mito-vy hevitra amin'ny mpiara- dia amin'izao fitondrana izao. Eo koa ny tsy fisitrahanny vahoaka ny taniny, fa lasan'ny vahiny, ao anatin'ny tsy fanajana ny zon'olombelona avokoa izany,… Ramatoa Raharinarivonirina Maria, filohan'ny ACAT eto Mada- gasikara, sy Andriamatoa Patrick Mutzenberg, talen' ny Centre pour les droits civils et politiques avy any Genève Soisy, no nitondra ny famelabelarana sy nifanakalo hevitra tamin'ireo solombavambahoaka tamin'ny fotoampanokana teny Tsimbazaza ny talata teo. Ny lohahevitra dia ny mahakasika ny anjara asan'ny parlemantera manoloana ny fiarovana ny zon'Olombelona. Nanokatra izany tamin'ny fomba ofisialy tao amin'ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriambe izay azon'ny besinimaro natrehana ny Filohan'ny Antenimierampirenena, Ramatoa Razanamahasoa Christine ny talata teo ary eny amin'ny Novotel no mitohy ny atrikasa. Tsy an-tery ny fankatoavan'ny firenena iray fifanarahana fiarovana ny zon'olombelona, ka raha ny firenena malagasy manokana dia isan'ny mavitrika amin'ny fankatoavana azy ireny ho fanatsarana sy fiarovana ny vahoakany. Tsy ataon'ny Solombavambahoaka ambanin-javatra, ny fanaraha-maso ny asan'ny fanjakana ary sarotiny amin' ny fanajana ny zon'ny vahoaka hisoloany tena izy ireo, araka ny nambara nandritra ny ady hevitra.



*Patrick Mutzenberg, teny Tsimbazaza.*

**Isambilo**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Volana jona

# Firenena faraidiny hiatrika ny fetim-pireneny

Miditra amin'ny volana faha-enina amin'ity taona diavina ity sahady isika. Mihazakazaka ny andro sy volana ary mitapaka ny taona. Tsy toy izay anefa ny fivoaram-piainan'ny vahoaka malagasy tsy mandady harona, fa mifanohitra amin'izay. Mihemotra ny fari-piainana ary mipàka ha-trany amin'ny fari-pisainana izany. Mihitsoka ao anaty fahantrana lalina ny sarambabem-bahoaka ary tsy misy fanafana haingana mba hany hitan'izao fitondrana Rajoelina izao hanalàna azy ao anatin'izany. Ny 81% ny vahoaka malagasy no miaina ao anatin'izay fahantrana lalina izay raha araka ny tatitra avy amin'ny Banky iraisam-pirenena, izay namaritra ho 2,15 dolara isan'andro ny vola miditra amin'ny fetra iraisam-pirenena amin'ny fahantrana na ny "seuil international de pauvreté". Efa niaiky sy nametraka ny firenena ho faraidiny indrindra maneran-tany rahateo ny filohan'ny Repoblika Rajoelina tamin'ny fankanesany tany amin'ny fihaonana an-tampon'ny Banky iraisam-pirenena. Ny mahavariana dia tsy menatra izy amin'izany hoe ny vahoakany sy ny fireneny fadiranovana mahantra velona, fa izy mianakavy eo amin'ny fitondrana migalabona amin'ny harena sy fiadanana. Moa maty eritreritra sy minia mikimpy anoloan'ny zava-misy manjo ny vahoaka? Vahoaka sy firenena ho very tsy ho ela sanatria raha toy izany tokoa ny mpitondra.

Etsy ankilan'izany, rehefa volana jona toy izao, dia hanamarihana ny iray volan'ny teny malagasy sy ny fankalazana ny fetim-pirenena. Rehefa miresaka fetim-pirenena dia fiandrianam-pirenena ao anatin'izany. Hatraiza ny maha sarotiny sy maha saropiaro ny fitondrana Rajoelina izany fiandrianam-pirenena izany? Mba miresaka fe miresaka an'izany izao fitondrana izao, fa miendrika fihatsarambelatsihy no betsaka raha ny fahitan'ny mpandalina ny fiainam-pirenena. Santionany amin'izany ny tsy fahasahian'ny fitondrana mitaky mahitsy sy tsy an-kitsahatra amin'i Frantsa ny famerenena ireo Nosy malagasy bodoiny mandraka ankehitriny. Tamin'ny faha-60 taona niverenan'ny fahaleovantena no hoe tsy maintsy miverina amin'i Madagasikara ireo Nosy manodidina ireo, Nidehaka an'izany Rajoelina tamin'izany kanefa hatraiza ny zava-misy hatreto momba izany. Izy zary nangina tao anatin'izay taona nitenenany an'izany. Efa namaky bantsilana an'izany fihetsiky ny fitondrana izany ny antoko Otrikafo.

Ankoatra izay, saika ireo tomponandraikitra rehetra eo anivon'izao fitondrana izao, dia tsy manome lanja ny teny malagasy. Tsy hay lazaina intsony ny fanaovana teny vary amin'akotry amin'ny fandraisana fitenenana etsy sy eroa na any amin'ny haino aman-jery. Saika mbola teny frantsay aza no miasa amin'ny fifampitam-baovao eny anivon'ny sampan-draharaham-panjakana. Ny teny anefa no anisan'ny iray lehibe iankinan'ny fiandrianam-pirenena. Tsy voatandro anefa izany, ary izao fitondrana izao aza tsy hita ho mavitrika manohana ireo hetsika ataon'ireo fikambanana mandala ny teny malagasy izay tao anatin'izao nitondrày izao. Fihetsiketsehana be, fampiresahana sy fampiesonana ny vahoaka malagasy fotsiny no "bobaka" araka ny fitenenana. Ho hita eo ny ho ataony amin'ity volana ity.

***Sôh'son***

**ANTOKO RDS**

# Nahatanteraka fihaonambem-paritra tany Boeny



*Ny fihaonambem-paritry ny antoko RDS tany Mahajanga.*

Nahatanteraka fihaonambem-paritra tany amin'ny faritra Boeny ny sabotsy teo, ny antoko RDS (Roso ho amin'ny Demôkrasia Sôsialy), izay tarihan'ny filoha nasiônaliny Fetison Rakoto Andrianirina. Nandray anjara tamin'izany fihaonambem-paritr'ity antoko ity izany, ireo mpikatroka avy amin'ny distrika mandrafitra ny faritra Boeny: nahatonga solontena ny avy amin'ny distrikan'i Mahajanga I sy II, Marovoay, Ambato-Boeny, Mitsinjo ary ny avy amin'ny distrikan'i Soalala. Voaresaka mahakasika izany ny momba ny raharaham-pirenena amin' izao fotoana, miomana ho amin'ny fifidianana filoham-pirenena ho avy iha-ny koa ny avy amin'ity antoko ity, ny kôngresy nasiônalin'ny antoko, no hanapaka, na handrotsa-ka olona hofidiana izy ireo, na hanohanana kandidà hafa amin'ny fifidianana filohampirenena ho avy. Ny antoko RDS dia anisan'ireo antoko manakiana ny tsy mety ataon' ny fitondrana Rajoelina amin' izao fotoana izao. Teny filamatr'izy ireo ny hoe:"mitohy ny ezaka hikatsahana ny tena fampandrosoana, Malagasy miombon-tsoa."

***Isambilo***

## TONONKALO

# MOMBA NY FITAKIANA IREO NOSY MANODIDINA

Tsy ny mpivaro-tanindrazana izay manao lohan`angidina,
No hiady ny hamerenana iretsy nosy manodidina.
Olona voavidy ireo sady efa tsy avotra intsony,
Ny fitiavam-bola mantsy no mandrakotra ny fony !

Eto akaiky aza tsy vitany ny miaro ireo vahoaka,
Fa ny resabe hatrany no atao mipoapoaka,
Ka ahoana no hinoana fa ny olona toy izany
Dia hanao izay hamerenana ireo tsy hita lavitra any ?

Ireo ve no hifandon-databatra amin`ireo mpibodo tany ?
(Hainy aloha ny sarin`ady , fihetsika fanaony izany !)
Fa raha tena ny hiady , ho tombontsoam-pirenena ,
Tsy ireo no aoka hajoro sao ho diso fanantena !

Ireo dia olona voavidy sy efa maty ny fanahiny,
K`aoka tsy ho voarebirebiny , aza mety hofitahiny,
F`efa maty am-pitsanganana , maty fa tsy vazivazy,
Ka andrasana atsy ho atsy izay ho fandevenana azy.

***TSIMIMALO (31-05-22)***

**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

## Al Jaber hanao ny Tanamasoandro : mipoitra ho azy eny foana ny laingan-dRajoelina



**Arphine Rahelisoa Helisoa :** nahazo vola tany amin'ny UE isika, amin'ny herinandro dia hanomboka ny lalana, aiza koa izay amboarina eo? zao rehefa avy any DUBAI, Amboarina ndray Tanamasoandro? Mahita atao mihintsy. Mipoitra eny foana ny laingan-dRajoelina, satria efa nanambara izy fa hatao ny Tanamasoandro hatramin'ny fampielezankevitra, efa hita ny famatsiam-bola, nefa izao vao hoe : ny Groupe Al Jaber indray no vonona hanao izany. Lainga raofina fotiny izany ny resaka Tanamasoandro hatramin'izay!

**Fidèle Rajean Pierre :** efa t@ propagandy no niteny rainilainga fa efa vonona ny vola hanaovana ny velirano.

**Lalahery Ranaivo:** efa voaozona ny handainga izy. Hagaigen'izay mbola mino azy.

**Patrick Ratovo :** mbola tsy vonona zany ny vola hatramin'izao momba ny Tanamasoandro no dikany, fa lainga be fotsiny ny resaka hatramin'izay.

**Tombotsoa Rady :** werawera no be.

**Joël Randria Nanja :** mangataka alouh d'ef miwalawala d'avance.

**Apollinaire Rakotondrasoa :** isika raha mbol ireto mpitondra antsika ireto, tsy ahazo famatsimbola izany, mba resaka tiana atao fotsiny no be.

**Emilienne Raharinirina :** angony daholo ny horonam-peo anaporofoana fa lainga daholo no nolazainy . Mila mba ho henoiny ireny rehetra ireny @ 2023.

**Lalahery Ranaivo:** Emilienne Raharinirina : feno ao amin'ny Miara-Manonja an !

**Bakoliarisoa Andriamiseza :** mpandainga. Mampiesona. Ary Manadala no lehibe indrindra ange e!

**Andrian'Riants Zazanjary :** efa ho lany bala ireo eh, telo taona no teo aorta, koa inona koa amin'ity efa andro sisa no isaina dia ho lasa ity, fahoriana no mahazo ny gasy izao.

**Gabriel Betombo:** ny arabo gtsy hanao Tanamasoandro io bôjo, tsy maingtsy misy contre-partie ao, eo tsika mahita izy, raha ho tanteraka raha hataondreo io!


**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**


Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Tina R.**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, L. William

Jiolahy saika hanafika voatifitry ny zandary tany Alasora.





Lozam-pifamoivoizana nahafaty zaza roa tany Ambanja, faritra Diana.






Fihaonambem-paritry ny antoko RDS (Roso ho amin'ny Demokrasia Sôsialy), natao ny sabotsy teo tany Mahajanga.









# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, L. William

**Vokatra ny vary tamin'ity taom-pamokarana ity tany Alaotra, nanomboka tamin'ity herinandro ity ny taom-pijinjam-bary any an-toerana.**





**Nitokona ireo mpivarotra amoron-dalana ao Analakely, Behoririka, izay tsy avelan'ny Kaominina mivarotra ny talata teo. Nanao diabe nankeny amin'ny lapan'ny Tanàna Analakely izy ireo ny talata teo.**





**Fanamarihana nasiônaly ny andro eran-tany momba ny fiompiana tantely, sambany natao teto Madagasikara, tany Morondava tamin'ity taona ity, ny 20 mey lasa teo.**











ADY AMIN'NY TSY FANDRIAMPAHALEMANA

# Jiolahy niomana hanafika, lavon'ny mpitandro filaminana ny iray

Jiolahy niomana hanafika no maty voatifitry ny mpitandro filaminana tany Mendrikolovana, kaominina Alasora distrikan'Antananarivo Avaradrano. Tato anatin'ny herinandro dia nisy ny fisafoana nataon'ireo zandary, ny vondrom-paritry ny fandriampahalemana Antananarivo renivohitra ary ny zana-tobimparitra Alasora. Paik'ady maro samihafa no nentina nanatanteraka izany. Izany dia fepetra noraisina, mba hanafoanana ny vaky trano, ny fiparitahan'ny zava-mahadomelina ao anatin'ny faritra manodidina ny kaominina Alasora. Nahomby ny tetika, nody ventiny ny rano natsakaina. Jiolahy iray no maty voatifitry ny zandary, ny talata hariva teo, tany Mendrikolovana, ao anatin'ny kaominina Alasora. Raha ny fanazavan'ireo zandarimariampirenena any an-toerana, dia miisa 3 ireo jiolahy nikasa hanafika tao Mendrikolovana, tokony ho tamin'ny 9 ora alina. Hatreto dia mbola tsy fantatra ny tokantrano saika ho tafihan'izy ireo. Nidina ifotony avy hatrany ny zandary nanao ny fisafoana manodidina ny kaominina, ka tra-tehaka tamina trano iray efa tsy misy mipetraka ireo jiolahy miisa telo. Nitsoaka avy hatrany ireo olon-dratsy na dia efa nampitandremina aza. Voatery nitifitra ny zandary, ka lavon'ny bala ny iray tamin'izy ireo ary maty teo noho eo, tafaporitsaka kosa ny roa hafa. Ankoatra izay dia nahitana fitaovam-piadiana mahery vaika teny an-tanan'ilay jiolahy voatifitra, basy poleta mitondra ny marika Colt, kalibra 7,65 m/m, izay misy bala telo, efa nogiazina ireo fitaovana ireo. Mitohy kosa ny fanarahan-dia ataon'ny mpitandro ny filaminana ary ny hahatratrarana ireo olon-dratsy no tanjona. Mbola manentana ny fokonolona ao anatin'ny kaominina izy ireo, mba hifanome tanana hatrany. Hilaza raha misy trangana tsy fandriampahalemana miseho eny anivon'ny fiarahamonina.



*Ilay jiolahy lavo voatifitry ny zandary teny Alasora.*

**Stefa**

Tsy fandriampahalemana

# Raimpianakaviana hita faty niaraka tamin'ny bisikiletany

Miseho lany ny tsy fandriampahalemana amin' izao fotoana any amin'ny distrikan'Arivonimamo faritr'Itasy. Sokajina ho faritra mena amin'ny tsy fandriampahalemana ihany koa noho ny afitsok'ireo olon-dratsy ny an-toerana ankehitriny. Mandry tsy lavo loha ny fokonolona ary tsikaritra nahazo vahana ny vono olona. Ny tranga niseho ny harivan'ny alahady 29 mey 2022 lasa teo, no tena nampivarahontsana ny mponina. Lehilahy iray, eo amin'ny 47 taona eo, no hita faty tany Alatsinainy Loharano, ao anatin'ny distrikan'Arivonimamo, hita faty niaraka tamin'ny bisikiletany. Raha ny nambaran'ireo fianakaviany dia efa hariva no niala tao an-trano ity raim-pianakaviana ity, ary nikasa hihazo an'Ambatonapoaka. Teny an-dàlana izy no niantso ny tany antrano, tamin'ny alalan'ny finday mba hisàna sakafo hariva. Ora maro taorian' izay anefa tsy tonga ity raim-pianakaviana ity. Nikoropaka ny tao an-trano, ka nampandre ny fokonolona. Rehefa natao ny fizahana dia ny vatana mangatsiakany sisa no hita. Nahitana ratra ihany koa ny tenany ary nisy tsinay niboraka. Tombanana ho valifaty no nahazo azy, hoy ireo fianakaviany. Efa nisy ny fanadihadiana nataon'ny mpitandro filaminana mikasika ity raharaha ity, andrasana ny tohiny.



*Ilay raimpianakaviana hita faty.*

**Niaina**

**31** mey

# Tsy voahaja ny tsy fifohana sigara sy tsy fihinanana paraky

Toy ny isan-taona, marihina isaky ny **31** mey ny andro eran-tany natokana tsy ifohana sigara, sy tsy ihinanana paraky. Toy ny isan-taona ihany koa anefa, tsy voahaja hatrany izay fanentanana ny olona tsy ifoka sigara, sy tsy ihinanana paraky izay, mbola lavitr'ezaka ny hetsika mahakasika izay. Ny "**Sigara sy paraky** enfa dia **loza mitatao ho an'ny tontolo iainantsika**" : manodidina ny 3.5 tapitrisa hektara isan-taona eo ny tany simba noho ny fambolena paraky ary mbola mitoetra, ho isan'ny olana lehibe, ho an'ny fahasalamam-bahoaka manerantany ihany koa ny fihinanana paraky sy fifohana sigara, satria mahatratra 8 tapitrisa isan-taona eo ireo aina afoy vokatr'izany. Maherin'ny iray tapitrisa amin'ireo dia maty vokatry ny fievohana tsy nahy ny setro-tsigaran'ny hafa. Raha ho antsika eto Madagasikara manokana dia manodidina ny 8300 isan-taona ireo olona maty vokatry ny fifohana sigara sy fihinanana paraky. Araka ny fanadihadihana natao tamin'ny taona 2018 dia fantatra fa ny tahan'ny fifohana sigara eo amin'ny ankizy 13 hatramin'ny 15 taona dia nahatratra 11,3%, raha 14,8% kosa izany ho an'ny vehivavy ary 38,7% ho an'ny lehilahy. Faritra valo ankehitriny, no efa nananganana komity manokana miady amin'ny fifohana sigara sy fihinanana paraky (CCoLAT) ary mbola hitohy ny fananganana izany any amin'ny faritra hafa. Tamin'ity taona ity, nanoloana ny CHUJRA Ampefiloha ny fankalazana ofisialy ny Andro manerantany tsy ifohana sigara sy tsy ihinanana paraky teto Madagasikara afak'omaly.

**Stefa**



*Hetsika nandritra ny fankalazana ny 3 1 mey, ny talata teo.*

Fjkm Ambohimiadana Firaisana

# Tratra ny tanjona tamin'ny voka-dehibe teo

Nisongadina nandritry ny fanatanterahana ny voka-dehibe tao amin'ny Fjkm fitandremana Ambohimiadana Firaisana, synodamparitany Antananarivo atsinanana fa tratra ny tanjona, dia ny ezaka kitapo iombonana izany. Nifanome tànana ny reni-fiangonana sy ny zanaka ampielezana tamin'ny tonona sy vokatra samihafa, ho fanatanterahana ny vinan'ny fiangonana. Ny mpitandrina eo an-toerana, Andriantsarafara Mamiarizaka no nitarika ny fotoana sy nitondra ny hafatr' Andriamanitra ny Alahady 1 Mey 2022 lasa teo. Nitohy ny 28 Mey ny hetsika, izay niarahana tamin'ny zanaky ny fiangonana sy ny tarika « Ny Fanilo » sy ny mpandihiny, izay notanterahina teny an-toerana ihany. Mbola tafiditra ao anatin'ny ezaka kitapo iombonana hatrany io hetsika io. Nambaran'ny mpitandrina, fa hitohy ny ezaka manaraka toy ny fanitarana ny fiangonana sy ny fanatsarana ny foto-drafitr'asa samihafa izay mila fanavaozana ihany koa. Hanatanteraka fetin'ny taranaka indray izy ireo ny volana Aogositra ho avy izao. Raha ny Alahady 1 mey teo dia niavaka ny fotoana, satria taorian'ny fandraisana ny fanasan'ny tompo sy ny lavantim-bokatra, dia fiaraha-misakafo no namaranana ny fotoana ary mbola nifanentana hatrany amin'ny ezaka manaraka. Mbola nanamafy izay fiarahana sy fifanotronana izay koa ny biraom-piangonana, Randriamitsiry José. Hipoka ny fiangonana hatreny an-tokontany satria fotoan-dehibe iny voka-dehibe iny ny 1 Mey 2022 lasa teo.

**Rajo**




*Fjkm Ambohimiadana Firaisana.*

FJKM IVOANJO Finoana

# Tratra ihany koa ny tanjona tamin'ny voka-dehibe

Hipoka ny FJKM IVOANJO FINOANA Anosiala Ambohidratrimo, Synodamparitany Antananarivo andrefana, ny alahady 29 Mey 2022 lasa teo. Fanompoam-pivavahana notarihan'ny Mpitandrina RAMANOELINA Jean Evariste, raha ny prezidà synodaly, ny Mpitandrina RAZAFINDRAKOTO Andriambalohery Hasinarivo, no nitondra ny hafatr' Andriamanitra, izay notsoahina tao amin'ny Salamo 104 : 33 a- 34 a manao hoe: « Hihira ho an'i Jehovah aho raha mbola velona koa, ho maminy anie ny fisainako azy ». Tsy adino ihany koa ny niarahaba ireo reny rehetra, ka nisolotena nitondra ny fisaorana sy fiarahabana ny vadin'ny prezida synodaly ho an'ireo reny rehetra tsy ankanavaka, indrindra fa ny reny tao amin'ny Fjkm Ivoanjo finoana. Ankoatry ny rodorodo tamin'ny rakipanambinana dia nahatratra valo tapitrisa ariary mahery ny vola azo noho ny voka-dehibe 2022 teny an-toerana, izay hanatanterahana ny adidy izay tanjon'ny fiangonana. Ankoatr'ireo mpino kristiana sy ny zanaka ampielezana dia nanotrona ny fotoana ihany koa ireo mpitandrina misotro ronono, sy ny katekista delege, izay manao stage eo an-toerana ary hitondra ny Fjkm Antoby avaratra. Lavantim-bokatra sy sakafom-pifaliana, no namaranana ny fotoana, taorian'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo.

**Rajo**



*Ireo nitarika ny fotoana tao amin'ny FJKM Ivoanjo Finoana.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 28/05/2022 hatramin'ny 04/06/2022**

- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55
- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165) 034 10 937 11
- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/034 78 200 15
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1303-05-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**MORAMANGA-AMBILA**

## Hiverina hitatitra olona hanomboka anio ny fiaran-dalamby

Hiverina hitatitra olona hanomboka anio ny zotran-dalamby Moramanga faritra Alaotra Mangoro, mankany Ambila distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana. Hiverina hiasa arak'izany ny "Trains de voyageurs", na fiarandalamby mpitatitra olona. Miainga avy ao Moramanga ary hipaka hatrany Ambila Lemaitso io fiaingana voalohany io. Araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra, mbola misy fandaminana kely ny fiaingana avy any Toamasina. Isan' izany ny fampanarahana fenitra ny "quai", na ny toeram-pandraisana ny mpandeha amin'ireny fiaran-dalamby ireny. Vinavinaina handeha alohan'ny 23 jona kosa, ny fiarandalamby hitatitra olona, miainga avy any Toamasina, ka hipaka hatrany Moramanga.

***Aly***



*Zotran-dalamby TCE (Antananarivo Côte Est).*

Volana Jona

## Fanamarihana ny "Iray volan'ny teny Malagasy"



*Andriamatoa Nalisoa Ravalitera teny Tsiadana.*

Tsy ho "Indray andron'ny teny Malagasy" toy ny tamin'ny andron-dry Rahaingoson Henri, filohan'ny Avatsa Upem taloha intsony, no ho marihina eto amintsika ankehitriny, hoy Andriamatoa Nalisoa Ravalitera, filohan'ny sokajy voalohany eo anivon'ny Akademia Malagasy, fa natao ho "Iray volan'ny teny Malagasy" mihitsy ity volana jona hitsahina ity amin'ny ankapobeny, ka hivoizana ny lohahevitra : " Hasin'ny teny Malagasy ampiasaina eto Madagasikara".

Hosokafana amin'ny fomba ôfisialy anio alakamisy 02 jona 2022 eny amin'ny Akademia eny Tsimbazaza izany fanamarihana izany, ka velan-kevitra telo miavaka no hoentina manamarika an'izany.

Rahampitso zoma 03 jona 2022 kosa dia hisy ny fampirantiana ho tanterahina etsy amin'ny Tahala Rarihasina Analakely.

Ao anatin'ity volana jona ity ihany koa dia hisy ny hetsika ho tanterahin'ny Avatsa Upem, eo amin'ny sehatry ny famoronana tantara.


Ny sokajy Voalohany eo anivon'ny Akademia Malagasy eny Tsimbazaza indray, araka ny fanazavana nomen'Andriamatoa Nalisoa Ravalitera tamin'ny mpanao gazety teny Tsiadana omaly alarobia, dia mbola hampiantso an'ireo mpandraharaha sy ireo mpitsara Malagasy amin'ny fandinihana ny fampiasana ny teny Malagasy eo amin'ireo sehatra roa ireo izy ireo.

***Rainilita***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 396**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0395)

***Mitsivalana***
- Katsaka
- Mi
- Traboina (miv)
- Nandidy
- Dia – TV
- Roa (miv) – Tara
- Nifinao

***Mitsangana***
- Kianja
- Na – No (miv)
- Tsindry
- Ody
- Ambiaty
- Kiad(y) - AN
- Ritra
- ST – Vao

### TENY MIFANAPAKA N° 396



**Mitsivalana**

**1.** Efa zokiolona, be taona – Fahita lavitra **2.** Ao Itasy ao – Zana-tsoratra mitovy – Bibikely **3.** Ahodinay **4.** Bitika, madinika – Saro-bahana indraindray **5.** Foto-tenin'ny mialona – Anelanelan'ny beso **6.** Naoty – Ranjanana **7.** Ilainy – Fiandohan'ny antso **8.** Ankizy kely (BR) – Saribao (miv) **9.** Andro mazava **10.** Matoanteny – Eo @ valopy (miv)

**Mitsangana**

**A.** Afamadika – Tovona **B.** Najanona – Marika (BR) **D.** Zavamaranitra – Elabe **E.** Hita amin'ny alina – Mari-potoana **F.** Diky – Hazo maro **G.** Fisotro – Zava-maniry **H.** Asitrikay **I.** Handeha hitady vola **J.** Solfa – Ekipa Malagasy **K.** Vy lafo vidy

### Valiny Teny mifanaraka 0395

**Mitsivalana**

**1**.Filaminana **2.** Ivato (miv) - Dim(y) **3.** Veloma **4.** Alahelo **5.** Aoka - Trano (miv) **6.** Nanota - Io **7.** Vy - Ar - Rana **8.** Niaraka **9.** Dio - Nanasa **10.** Akany (miv) - Anao

**Mitsangana**

**A** Fonja - Vady **B.** Ti (miv) - Ony - In **D.** Lavaka - Noa **E.** Avelanay **F.** Mila - Orana **G.** Toho (miv) - Ra **H.** Menarana **I.** Adala - Naka (miv) **J.** Ny - Orinasa **K.** Amy - Toa - Ao


## NY TENY FIAINANA

*"Tsy mahafoana ny fahasoavan'Andriamanitra aho; fa raha avy amin'ny lalàna ny fahamarinana dia maty foana Kristy."*
***Galatiana 2:21***

### Barea sy Angola ny alahady izao

# 5000 Ar ka hatramin'ny 50.000 Ar ny fidirana etsy Mahamasina

Nambaran'ny fampitam-baovao navoakan'ny FMF, fa nisokatra nanomboka omaly alarobia 1 jona 2022 ny fivarotana ny tapakila ao amin'ny www.ticketplace, hahazoana manatrika ny lalao hifanandrinan'ny Barea de Madagascar sy ny As Palancas Negras Angolaise, izay tafiditra amin'ny fifanintsanana « Qualifications CAN 2023 », andro faha-2 , izay ho tontosaina ao amin'ny kianja Barea Mahamasina amin'ny alahady 05 jona 2022.



*Ny kianjan'i Mahamasina ankehitriny.*

Anio 2 jona 2022 kosa, no hisokatra ny fivarotana izany tapakila izany eny amin'ny Jumbo Score Ankorondrano, sy eny amin'ny Gallerie Smart Tanjombato.

Ho an'ny eny amin'ny Tribune sokajy VIP dia jifaina amin'ny vidiny 50000 Ar izany tapakila fidirana izany, raha jifaina amin'ny vidiny 30000 Ar kosa ny eny amin'ny "Tribune supérieure", ary ho 5000 Ar kosa ny tapakila hoan'ny eny amin'ny Gradin.

Marihana fa hanomboka amin'ny 7 ora hariva ny lalao etsy Mahamasina amin'io alahady 5 jona 2022 io.

***Rainilita***

### Fifaninanana Asief Analamanga 2022

# Ny basikety sy volley-ball no nahazoana voka-dalao



*Volley-ball Asief 2022 teny Ampefiloha.*

Nahazoam-bokatra ireo lalao basikety sy volley-ball notontosaina tamin'ny sabotsy lasa teo, ho an' ny fifaninanana Asief 2022 eto Analamanga .

Voka-dalao volley- ball notontosaina teny amin' ny kianjan'ny LMA :
A.N (03) # MEAH (00) FORFAIT, MJS (03) # MMRS (00), SENAT (03) # CUA (00), MDN (03) #,JIRAMA (01), PRM (03) # TOPDOM (00),

Voka-dalao basikety teny amin'ny kianja Toby Ratsimandrava DB :
SANTE 44 – 32 MEF, VD : MEN 47 - 74 MSP, VC : PBZT 51 ¬ ¬- 66 MEF, JB : MPPSPF 33 ¬¬– 45 MAM, JD : METFP 28 – 37 MEN, JC : SANTE 44 ¬– 37 UA.

Voka-dalao basikety teny amin'ny kianja Minae Anosy DA :
MINAE 57 – 11 SENVH, DA : HJRA 25 – 32 EMA, DA : CENI 24 – 58 MEDD, JC : TRESOR 46 ¬ 42 MESUPRES, JB : METF-PLS 46 – 33 MTP, JB : CENI 33 ¬– 56 PAOMA, JA : DGI 29 – 37 AN, JB : MEN 42 – 48 MATSF.

***Rainilita***

### Basikety U18 Analamanga


# Nanao pao-droa ny Mb2All

Anisan'ireo lalao tontosa tamin'ny sabotsy 28 sy tamin'ny alahady 29 mey 2022 lasa teo, teny amin'ny kianjan'Ankatso tao anatin'ny fanatanterahana ny andro faha-8 sy andro faha-9, amin'ny fifaninanana basikety fiadiana ny ho tompondakan'ny ligin'Analamanga 2022, ireo lalao famaranana roa hoan'ny sokajy U18 lahy sy vavy, ka nanaovan'ny Mb2All pao-droa.

Vokatra azo tamin'ny sabotsy 28 mey 2022 :
N1B H : Redbc 47 – 50 Cosfa, Ngb 68 – 66 Asa, Bcr 61 – 54 Lspm, Bcmm 44 – 43 Jbm, U18 G : Mb2All 63 – 61 Fandrefiala, Asa 57 – 55 Cosfa, U18 F : Mb2All (I) 34 – 33 Aca (IV), Asf (II) 28 – 39 Lucsadro (III),
VET H : Bcr 44 – 55 Gbbc, Assm 58– 52 Tafaray, Bbc 38 – 48 Smbc, Uasc 49 – 52 Astar, Ccr 44 – 61 Bbcm, VET D : Gbbc 32 – 49 Bbc, Asf 45 – 37 Gbc,
U16 F : Assm 26 – 13 Gbca, Asf 37 – 12 Cosfa.

Vokatra azo tamin'ny alahady 28 mey 2022 :
N1B H : Soe 47 – 44 Costa, Red Bc 53 – 45 Challenger,
U18 G : Fandrefiala 55 – 49 Cosfa, Mb2All 52 – 44 Asa (Finale),
U18 F : Mb2All 53 – 38 Lucadro (Finale), VET H : Fobb 20 – 00 Cosfa,
U16 G : Bc2a 18 – 69 A kbb, Dtsc 72 – 09 Btv, Cosbaimi 60 – 17 Nbe, Jcba 55 46 Bcna,
U16 F : Lucadro – Cosfa, Asa 36 – 07 Gbca, Ast 17 – 39 Mb2All, Sepa 67 ha 38 – 42 Jcb.

***Rainilita***



*Ny ekipan'ny Mb2All Analamanga U18, 2022.*

## Sakafo Ny Valosoa



**Lelanomby sy karaoty** indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ampitatsimo any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Ampitatsimo any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ampitatsimo ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 20 mandrafitra ny distrikan'Ambatondrazaka. Efa azo lazaina ho avo toerana izy satria 761 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpamboly sy mpiompy ny 95% ny mponina any Ampitatsimo. Vokatra any ny vary, ny tsaramaso, ny katsaka ary ny vomanga. Misy mpanjono koa ny mponina any Ampitatsimo. Mpiompy omby, sy akoho amam-borona.



### Basikety sokajy U18 tany Boeny

# Tompondaka ny Sepa Abm lahy sy vavy

Ekipa 6 no nandray anjara teo amin'ny sokajy lehilahy : ny BCO, SEPA ABM, JSB, ASEIM, NCBB ary ny JBCM Marovoay.

Ekipa iray tsy nisy mpifanandrina kosa no teo amin'ny sokajy vehivavy ka voahosotra ho tompondaka ho azy ny SEPA ABM.

Vokatra azo teo amin'ny famaranana lehilahy :
U18 Garçon : SEPA ABM vs ASEIM (56-40).

***Rainilita***

**Madame ELYA**

Mitsabo sy mikarakara TAOVAMPANANAHANA LEHILAHY, vatana malaindaina , hozatra, diabeta Massage RELAXANT , REFLEXOLOGIE. Mitsabo ny aretina rehetra amin' ny alalan'ny otra

**0322495332 , 0347867979.**